


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Andriamanitra no Mifehy ny Zava-drehetra

Fantatry ny Raiko izay ilaiko, na dia mbola tsy mangataka Aminy aza aho.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis
Dries Du Plessis

Rehefa takatsika ny fahafenoan’ny fahalalan’Andriamanitra — ny Fahalalany mialoha, indrindra indrindra — dia manome toky antsika fa na inon’inona mitranga, dia tsy taitra mihitsy Andriamanitra. Tsy misy toe-zavatra maika ao amin’ny fanjakan’ny lanitra. Tsy vitan’ny hoe mahafantatra ny farany hatrany am-piandohana Andriamanitra, fa Izy Tenany mihitsy no “ny Fiandohana sy ny Fiafarana” (Apokalypsy 21:6). Ary Izy no mifehy tanteraka mandrakariva.

Fantatr'Andriamanitra manokana ireo izay Nofidiny hiaraka Aminy mandrakizay.

> “Satria izay fantany rahateo no notendreny koa hitovy endrika amin’ny Zanany, mba ho Lahimatoa amin’ny rahalahy maro Izy.” (Romana 8:29)

Raha, noho ny famindram-po sy ny fahasoavan'Andriamanitra, no tafita amin'izany toerana be voninahitra, mandrakizay izany isika, dia tsy hiarahaba antsika na oviana na oviana i Jesosy amin'ny teny hoe: "Tsy nampoiziko ny hahita anao eto!" Fa kosa, hoy Izy hoe: “Zanako, niandry anao aho. Tsy afaka nipetraka tamin’ny fanasam-panambadiana izahay mandra-pahatonganao.” Amin'io fanasana be voninahitra io, mino aho fa ny toerana rehetra dia hitondra ny anaran'ilay olona nanomana azy io.

Mandra-pahafeno ny isan’ny navotana, dia miandry amim-paharetana ma hatalanjona Andriamanitra, “tsy tiany hisy ho very, fa mba ho tonga amin’ny fibebahana izy rehetra” (2 Petera 3:9).

Misaotra Anao, Ray ô, fa Fantatrao tanteraka aho. Manambara aho fa Andriamanitra dia mifehy tanteraka mandrakariva; Tsy taitra mihitsy Izy. Fantatry ny Raiko izay ilaiko, na dia mbola tsy nangataka Taminy aza aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-249-MLG

Nohavaozina farany: 15 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources



© 2008 - Dries Du Plessis